# NY FIFANAJANA

-

**Famaritana**:

Fifamaliana asa ataon'ny olona roa momba ny fametrahana ny hasina sy fahamendrehan'ny olona iray ny atao hoe "fifanajana". Tsy afa-misaraka amin'izany ny fahalalam-pomba sy ny fitandroana ny aina.

## Ireo sehatra anehoana ny fifanajana

Tokony anehoana fifanajana ny toerana rehetra:

**Ao an-trano**: mifanaja ny mpivady, ny ray aman-dreny sy ny zanaka, ny zanaka samy zanaka

**Any amin'ny toeram-piasana**: mifanaja ny mpiasa sy ny mpampiasa ary ny samy mpiasa

**Aty an-tsekoly**: ny samy mpanabe, ny mapanabe sy ny mpianatra; ny samy mpianatra

**Ao amin'ny toeram-pitsaboana**: ny mpitsabo sy ny marary ary ny mpiandry marary

**Any anaty fiara fitateram-bahoaka**: tokony hifanaja ny mpitatitra sy ny mpandeha ary ny samy mpandeha, omena toerana ny raiamandreny na ny vehivavy bevohoka ary ny mitaiza kely

**Any an-dalana**: manao ombay lalana rehefa handalo raiamandreny, mitondra ny entana entin'ny zokiolona, manao azafady raha mandona olona,…

## Ny fanajana ny tontolo iainana

Tokony hohajaina koa ny zava-manana aina rehetra sy ny tontolo iainana ankoatra ny olona samy olona.

Hajaina ny fahadiovana: atao amin'ny toerana iray ny fako, manao lava-piringa…

Kolokoloina ny tontolo iainana: mamboly hazo, tsy mandoro tanety na ala.

Hajaina ny harem-pirenena toy ny lalana, tranom-panjakana,...

## Tombontsoan'ny fifanajana

- Milamina ny fiarahamonina
- Mahavokatra ny Firenena
- Mandroso ny Firenena
- Miteraka ny fanajan'ny hafa ihany koa

## Endrika anehoana ny fifanajana

Maro ny endrika anehoana ny fifanajana fa azo fintinina amin'ny teny hoe fahalalam-pomba:

- Manao ombay lalana raha hialoha olona
- Manao azafady raha misy fahadisoana
- Mikendry ny tsy hanafitohina ny hafa
- Manaja ny maha izy azy ny hafa sy ny maha olona

## Ohabolana momba ny fifanajana

- *"Izay hajaina tsy ho andriana, ary izay manaja tsy ho andevo"*
- *"Aza mitsako alohan'ny vazana"*
- *"Aza manao rano dikain'ny Zinga"*
- *"Arahabao ny mpandalo fa tsy fantatra izay ho fara-rafozana"*
- *"Akoholahy mikohokoho akohovavy, tsy hanin-kahavoky fa voninahitra ifanomezana"*
- *"Mananjoky afak'olan-teny, manan-jandry afak'olan'entana"*